# ADY MIRINDRA HOENTI-MIADY AMIN' IREO BIBIKELY MPANIMBA NY VOLY

Version v1



## 5. Fanafody simika

**Ady mirindra**: atao fara-hevitra ny fanafody simika. Ampiasana miaraka ireo fomba fiarovana samihafa hampihenana ny fiankinan-doha amin'ny fampiasana azy



## 4. Fomba fiadiana voajanahary

Fampiasana ireo fanafody voajanahary sy famelana an'ireo bibikely mahasoa mihinana an'ireo mpanimba voly



## 3. Ady mekanika



Fampiasana ireo fitaovana hifehezana ny fanimbana, ny fahamaroan'ireo bibikely mpanimba voly sy ny famonoana azy

## 2. Fanaraha-maso ny voly

Fitsirihana matetika sy manontolo ny voly sy ny faritra manodidina



## 1. Teknikam-pambolena

Fampiharana ireo teknika miaro ny voly mba tsy hampisy na hampihenana ny fanimbana ataon'ireo bibikely mpanimba voly

**Ireo dingana arahina**

5. Maka torohevitra amin'ireo teknisian'ny fambolena, hajaina ny fatra sy fomba famendrahana, tsy azo ampiasaina ny fanafody ahitana bandy miloko mena eo amin'ny fonosana

4. Ady gasy, fampiasana fanafody vita avy amin'ny zavamaniry, fampitomboana sy fanaparihana ireo bibikely mahasoa hihinana

3. Fampiasana lay sy fandrika isan-karazany: tota na vovo ho an'ny voalavo, koveta mavo misy rano asiana jiro ho an'ireo lolo

2. Fitsirihana ny fisian' ireo bibikely mpanimba voly (atodiny, zanany, ets), ny dingan'ny tsingerim-piainany, ny hamaroany, ny toerana misy azy ireo

1. Fifandimbiasam-boly, fampivadiam-boly, fampiasana ireo masomboly voafantina, fampiasana zezika organika, datim-pamafazana...


*Conception et crédits graphiques: ECO Consult, GSDM*

*Produit par le projet ProSol à Madagascar*